Trafika isan-karazany 3

Milomano ao anatin'ny fahalovan'ny fitondrana ny firenena

Tononkira

VALIN'NY NATAO

Liva Andrianavalona 4

NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 28 janoary 2021 Laharana 1120 Vidiny : 400 Ar

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto

Filohan'ny CAF 6

Kandidà 4 no hifaninana, voailika i Ahmad Ahmad

Miakatra ny maripana politika 2

Mikoropaka sy mipararetra ny fitondrana

Miara-manonja 6 febroary 2021 3

Fitsangatsanganana fa tsy fanonganam-panjakana

FFKM 2

Tsy mazava ny fanampiana tamin'ny covid19

Anosizato Atsinanana 6

Trano lehibe amboarina nirodana, nisy ireo taraiky tao

67 ha 6

Tratra ambodiomby ilay jiolahy saika hanendaka polisy

Tranga 6

Mpitondra toaka gasy sy vato malakita voasambotra

Daka kely

Ny tody lesy tsy misy fa ny nataonareo ihany no hiverina ry Boaikely a !

FFKM

Tsy mazava ny momba ny fanampiana tamin'ny covid19

Ny alahady 24 janoary 2021 teo no ivon'ny fankalazana ny herinandro fiaraha-mivavaka eran-tany amin'ity taona ity. Anisan'ny mandray anjara ny FFKM, na Fiombonan'ny Fiangonana Kristiana eto Madagasikara. Ny lohahevitra amin'izany dia ny hoe: mitoera ao amin'izany fitiavako izany ianareo, dia hamokatra be: Johany 15:5-9, DIEM. Ny teto Antananarivo dia natao tao amin'ny FLM Ambatovinaky ny alahady tolakandro teo ny fotoam-pivavahana mahakasika izany. Nisy ny fanambarana nataon'ny mpitarika ny FFKM nandritra izany, nahitana ireo mpitarika Mgr Odon Marie Arsène Razanakolona avy amin'ny EKAR, ny mpitandrina Dr Irako Andriamahazosoa Ammi avy amin'ny FJKM,

Mgr Odon Marie Arsène Razanakolona, filohan'ny FFKM amperinasa.

Pasitora Dr Rakotozafy Denis avy amin'ny FLM ary Mgr Ranarivelo Samoela Jaona avy amin'ny EEM. Anisan'ny nisongadina, fa tsy mazava ny fampiasana ny fanampiana tamin'ny covid19, nataon'ny fitondram-panjakana hoy ny FFKM. Mazava izao hoy ny fanambarana, fa misy ny tsy mangarahara matoa ny rehetra mangataka izany, na mpanao politika io, na olon-tsotra, na mpitondra fivavahana. Tsy ampy ny tatitra nataon'ny governemanta, hoy ny teo anivon'ny FFKM, ka miteraka ahiahy eo amin'ny vahoaka. Ankoatr'izay dia nasian'izy ireo teny ihany koa ny fanondranana ny harem-pirenena antsokosoko toy ny volamena, ny andramena, sns... Tokony hisitraka izany ny vahoaka maro an'isa, fa tsy olom-bitsy mpanao trafika fotsiny. Nanao antso avo koa ireo ray aman-drenim-piangonana ny hanavaozana ny politikampanjakana, mba hahafahan'ny vahoaka misitraka an'ireo haren'ny taniny ireo.

Isambilo

Miakatra ny maripana politika

Mikoropaka sy mipararetra ny fitondrana

Manoloana ny famoahana ny marina sy ny ampamoaka ataon'ny mpanohitra ao amin'ny radio Miara-manonja ankehitriny, dia miha-miseho tsikelikely ny marina. Voaresaka na ny fitantanana tamin'ny famatsiam-bola avy any ivelany iadiana amin'ny valanaretina coronavirus, na ny resaka Jirama, na ny fidangan'ny vidim-piainana, na ny tsy fandriampahalemana, na fanaovana ampihimamba ny harem-pirenena, na fanenjehana ny mpanohitra, sns… Manoloana izay fiakaran'ny maripàna politika izay, nivory ireo tompon'andraikitra samihafa voakasik'izany, notarihan' ny Praiminisitra Ntsay Christian. Anisan'ny votoatin'ny fihaonana nandraisana fanapahan-kevitra ny tsy tokony hisian' ny fanakorontanana, izay mety hitarika tsy fandriampahalemana, raha ny nambarany, ka nahatonga azy ireo handray izany fanapahan-kevitra

izany. Nambarany fa mety hanohintohina ny filaminana sy ny adim-poko hono ny famoahan'ny mpanohitra ny marina sy ny ampamoaka eto amin' ny firenena. Hatreto anefa dia mbola nanamafy hatrany ny mpanohitra, fa tsy maintsy hilaza ny marina hatrany ary hampahafantatra amin'ny vahoaka malagasy ny zavamisy marina eto amin'ny firenena. Noho ireo antony ireo, mikoropaka sy mipararetra noho ireo tsikera mivoaka ao amin'ny Miara-manonja ny fitondrana Rajoelina, hany ka lasa fanenjehana fiainan' olona manokana sisa no anenjehan'izy ireo ny mpanohitra, sy ireo mpanentana ny fandaharana Miara-manonja.

Rajo

RMDM Melaky

Mitaraina ny tany

Mitondra ny fahitany ny raharaham-pirenena amin' izao fotoana indray ny RMDM, na ny Rodoben' ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara, any amin'ny faritr'i Melaky. Mitaraina ny tany, hoy izy ireo : "MITARAY NY TANY". Izao zava-misy rehetra eto Madagasikara izao hoy ny fanambarana dia vokatry ny safidintsika. Indrindra tsika amin' ny faritsy nanome vato ambony +80% ity fitondrana Rajoelina ity. Nanantena fatratra, fa fiadanana no hita kinanjo ny vary fihinananao aza nosoloany artemezia,volamenanao lasa antsokosoko, firenenao lasa PLUS PAUVRE DU MONDE, faharoa amin'ny mahantra indrindra eran-tany. Tseriky sady gaga zahay, nefa tsy tampoky aminay, fa MIZARA ROA NY LALANA MISY ETO raha ny sociologie politiky no jerena:

-Misy ny tsy manao cache bouche, ny sasany ampanadiovina dalle sy ampamafana.

-Misy mitrandraka volamena zara mahita 1g nefako samboriny zandaro ampolony, ny sasany tsy hitan'ny camera sy rayon X nefa mamoaka 73kg.

-Tanin'ny gasy kasay totofana hanaovana Tanamasoandro, ny an'ny karana sy sinoa jerem-potsiny.

-Bois de rose aman-taonina sy contenera maro no naboaka teto tsisy olana, fa gasy madinika nitetika ala...

-Mampiditra ARME 3e degré jerem-potsiny, fa ny miarotena amin'ny basimborona, avy dia gadra...

-Tratra nangalatsy fripy 1 ny madinika dia voasazy fa ilay BONBON SUCETTE, ECRAN PLAT... tsy misy tohiny. Mivadika ambony ambany tsy hita ny lalana eto . Mijereva izay manamaso, mihainoa zay manasofy. Ho an'ny tanindrazana, hoy ny RMDM Melaky.

Stefa

Ny Valosoa sy fakafaka

Fitantanam-pirenena

Miseho hatrany ny tsy fahaizan' ny fitondrana ankehitriny

Miharihary fa mizotra mankany amin'ny tsy fahaizana mifehy ny fitantanam-pirenena, manaraka ny tokony ho izy, andrasan'ny vahoaka ny fitondrana amin'izao fotoana izao. Ao anatin'ny tena fotoana ahafahana mandrefy tanteraka ny amin'ny lenta marina ny fahaiza-manaon'ny fitondrana mitondra firenena ny fotoana niasany hatramin'izay, ka hatreto. Tsy misy azony ialàna bala ny tsy fahombiazana hatramin'izay, ka nampahantra sy nampahory ny sarambabem-bahoaka ary nilentehan'ny fiainany. Tsy lavina, nisy ny asa nataony, ny tsy vita koa anefa mbola be lavitra noho izany. Azo oharina amin'ny mpitsabo manome fanafody parasetamôla hanasitranana aretina homamiadana anefa izany. Indraindray aza ity fitondrana Rajoelina ity toy ny mpitsabo aorian'ny fahafatesana "médecin après la mort", no ataony. Efa niseho tamin'ny tranga maro samihafa teo amin'ny fiainam-bahoaka izany. Ohatra akaiky azo raisina sy porofo miharihary, ny fisian'ny mpiray tanindrazana namoy ny ainy tany atsimo noho ny kere, izay vao mikoropaka. Efa mihanaka ny valanaretina covid-19 nanomboka ny volana martsa rehefa tsy nohidiana ny sisintany vao mody miseho miasa namaha ny olana ara-pahasalamana sy ara-tsosialy, kanefa niaraha-nahita tsara ny fomba fiasa natao tao anatin'izany, tsy nandeha amin'ny nandrasan'ny vahoaka akory. Nampiatoana ny fampianarana nandritry ny fihibohana kanefa tsy nisy vahaolana na kely aza natolotra nanampiana ireo ray aman-denin'ny mpianatra, ny sekoly nikatona tamin' ny ambaratonga rehetra, ary indrindra ny mpampianatra.

Manahiran-tsain'ny fitondrana ny vaky bantsilana ataon'ny mpanohitra amin'izao fotoana izao. Hita fa tsy zakany velively ny tsikera sy fanehoan-kevitra maro samihafa ataon'ireo mpanohitra any amin'ny onjam-peo "Miara- manonja". Dia nahavariana sy nanaitra ny sain'ny mpanara-baovao, fa nampiakapeo hatramin'ingahy Praiministra Ntsay Christian, izay tsy hita miteny amin'ny fotoana tena ilan'ny vahoaka azy. Misy fotoana tena andrasan'ny vahoaka hiteny izy kanefa toy ny tsy eto an-tanindrazana ny misy azy, fa milentika any amin'izay isalobonany any. Nisy fotoana, nidradradradra nitaraina ny vahoka fa sempotry ny fahantrana sy ny fahasahiranana lalina eo amin'ny fiainany andavanandro. Niantsoantso ny mpiasa amin'ny orinasa izay maro no voaroaka na voailika tamin'ny asany, poitika ny fivelomany, nilentika ao anaty fahantrana ny Malagasy marobe aman'alina maro. Fa tsy naharenesam-peo ny Praiminisitra, fa toy ny tsy nahakasika azy izany. Izao angamba mahatsiaro ho voatohintohina ny tombontsoany, ny sezany sy ny fitondrana iankinany, ka mahatsiaro izy fa tokony hiteny ary mandrahona mihitsy aza. Naninona raha tsy tiana ho tonga izany ka mba nosorohina mialoha? Raha mpitondra tena mahay mitondra firenena sy manana traikefa, ny fomba fiasa natao hatramin'izay roa taona mahery izay, dia tokony hahafahana mihevitra fa tsy maintsy midona amin'izao fihetsiky ny mpanohitra izao na hiankavia na hiankavanana. Fa matoa tsy mahatsapa sy tsy nisaina izany, dia tsy mahay izay. Tsy misy toe-javatra tongatonga ho azy izany eto amin'ity firenena ity. Miankina amin'ny asa ataon'ny fitondrana no ipoiran'ny tranga samihafa eto. Ary arakaraka ny setry iatrehana izany no tena ahafahana mandrefy ny tsy fahaizan'ny mpitondra mitantana firenena. Tsy amin'ny alalan'ny fampitahorana hampiasa hery akory ny fanehoana izany, fa tena hevi-diso indray koa izany. Fomba namohehitra teto amin'ny firenena sy lany andro izany.

Sôh'son

Ny Valosoa sy hadihady

Trafika isan-karazany

Milomano ao anatin'ny fahalovan'ny fitondrana ny firenena

Milomano ao anatin'ny rano maloton'ny fahalovana afafin'ny fitondrana amin'izao fotoana izao, ny firenena, sy ny valalabemandry eto amin'ity Firenena ity. Toa rano madio mangatsakatsaka anefa no nampanantenaina sy mbola hampanantenaina, ka sondriana tsy afaka mihoitra ireto vahoaka satria mandrevo loatra ny rano. Tsy vitsy ny Malagasy no sodoka tamin'ny velirano nataon'ny filohan'ny Repoblika Andry Rajoelina nandritra ny fampielezan-kevitra nialohan'ny fifidianana filohan'ny Repoblika. Torak'izany koa tamin'ny fifidianana solombavambaohaka, satria ireo kandidà dia nisalotra ho mpiaradia amin-dRajoelina Andry (IRD). Nivadika ny volana, lasa taona, ka ritra ny rano, maina ny tany ary tsy namokatra intsony, mbola nihanaka koa ny valanaretina noho ny tandrevaka. Vokatr'izany dia kere ny tany Atsimo, izay faritra anisan'ny nisafidy, ka nanome vato betsaka ho an'ny filohan'ny Repoblika ankehitriny. Tsy nirotsaka ny orana manerana ny Nosy, ka sahirana ny tantsaha teo amin'ny fambolena vary indrindra indrindra. Niakatra tsy azo notohaina ny vidin'ity fototsakafon'ny Malagsy ity. Mimenomenona ny vahoaka satria tsy mitsaha-miakatra ihany koa ny vidim-piainana. Mampatahotra sy mitatao eo ambony loha ihany koa ny valanaretina izay resy araka ny lazain'ny mpitondra, nefa mbola misy ny maty sy ny tranga vaovao hatraminizao ary miha-mitombo aza izany. Toa nanararaotra izany toe-draharaha izany, sy ny fahasahiranan-tsain'ny vahoaka ny fitondrana, ka na dia mihidy aza ny sisintany dia mbola mivoaka ihany ny harem-pirenena. Fantatra fa tsy antsokosoko araka ny lazaina no nahatafavoaka ny volamena 73,5 kilao satria tsy maniditsidina toy ny vorona ny fiaramanidina, fa misy fepetra tsy maintsy arahina vao afaka misidina. Misy tomponandraikitra isan'ambaratonga manome alàlana, ka mazava ho azy fa nahazo izany ny mpanamory matoa tonga soa aman-tsara tatsy Afrika Atsimo. Fialana bala daholo ny filazana, fa tsy nandeha ireo fitaovana fitsirihana izay ao anaty valizy (scanner), sns... Araka ny fomba fanao hatramin'ny tetezamita dia any amin'ny firenen-kafa hatrany vao tratra ny harem-pirenena aondrana. Ny mahagaga dia tsy misy tohiny intsony ireny raharaha ireny rehefa avy eo. Ny zava-doza dia tsy maintsy misy hatrany ireo samborina, asa aloha na tena any am-ponja tokoa ireny olona ireny na tsia, satria toa tsy misy mihetsika ny fianakavian'izy ireny. Noho ny tahotra ve sa efa nofefena na notapenam-bava tsy hanao na inona na inona. Raha ny marina mantsy dia toa misolo vaika ny ankalana ihany izy ireo, ka raha any ivelany no misy toe-javatra tahaka izao dia tsy ipetra-potsiny ny havan'izay tratry ny tsy rariny toy izao. May volotratra ny fitondrana, ka mitady ny hevitra rehetra hampiverenana ireo nitondra ny volamena sy voatazona any Afrika Atsimo, ka hivalona ny raharaha toy izay nitranga tamin'ireo harena naondrana hatramin'izay. Toy ny fanaony ihany koa dia miezaka mamilivily ny sain'ny vahoaka ny mpitondra, ka mba tsy hieritreretan'ny gasy loatra ity resaka volamena ity dia ilay tena maharary azy: vary indray no mody ezahina vahana ny olana. Tonga tokoa ny vary fito arivo taonina, izany hoe fito tapitrisa kilao na efatra ambiroapolo tapitrisa kapoaka. Raha tombanana ho dimy ambiroapolo tapitrisa ny mponina eto amin'ity Nosy ity dia tsy hanana iray kapoaka akory ny olona iray. Koa iza no ho tsinjovina amin'ity "vary tsinjo" manarapenitra ity ? Afaka herinandro, sa roa herinandro sa iray volana indray no ho avy ny valo tapitrisa taonina, ka inona no hohanina mandra-pahatonga izany satria iray andro ihany ny tonga dia ho tapitra. Mety misy mihevitra, fa tsy mahakasika azy izany resaka volamena 73,5 kilao izany kanefa tsy maintsy ao an-tsaina mandrakariva, fa anisan'ny mampahantra ny Firenena ny tranga tahaka izao satria tsy vao sambany no nanao izao ny fitondrana kanefa raha entina mampandroso, na dia ny faritra niaviany ihany aza izany dia hiakatra ny fari-piainan'ny mponina any. Tsy mendrika ny Malagasy ny ampilomanosina ao anaty rano feno otrikaretina isan-karazany, izay miteraka fahalovana eo amin'ny sehatra rehetra. Manana andraikitra eo amin'ny fampandrosoana ny Firenena ny mponina tsirairay. Manana andraikitra ihany koa hiatrika ny ady hanoherana ny fanondranana ny harem-pirenena tahaka izao mitranga izao, izay ho tombotsoan'olombitsy ihany.

Andry Tsiavalona

Miara-manonja 6 febroary 2021

Fitsangatsanganana fa tsy fanonganam-panjakana

Herinandro vitsy izao no nisy ny fandaharana Miara-manonja, amin'ireo onjampeo maromaro miainga eto Antananarivo, raisin'ny any amin'ny faritra manerana an'i Madagasikara, amin'ny alalan' ny tambazotran-tserasera, sy ny radio mampita izany, sy ny fahitalavitra MBS koa. Ao anatin'izany, may volon-tratra ny mpitondra fanjakàna ny hivoahan'ny marina amin'io fandaharana io dia mampiasa izay hery eo ampelatanany anapotehana azy . Isan'ny ampamoaka tena tsy zakan'ny fanjakàna dia ny famotsipotseran'ireo mpanao politika toa an'i depiote Me Hanitra Razafimanantsoa, Fidèle Razara Pierre, ny minisitra teo aloha Andrianjato, sy ry Guy Maxime, sns … ao anatin'ny Miara-manonja ireo dossier maloto eto amin'ny firenena, indrindra ny mikasika ny resaka volamena 73, 5 kg tratra tany Afrika Atsimo. Manoloana izany, nipoitra ny fampitandremana sy fampitahorana nataon'ny Praiminisitra Ntsay Christian ho an'ireo lazainy fa manakorontana eto amin'ny firene-na. Ela ny ela ka nipoitra indray ity Praiminisitra ity izay nangina tsy nahitan-teny mikasika ilay volamena 73kg mahery io, nefa zava-dehibe eto amin' ny firenena. Manaraka izany, eo ny fampiakarana ireo mpamono afo Ragôva, depiote, sns… nefa lasa vao mainka mitsoka afo, ao amin'ny onjampeo isan-karazany manamarin-tena sy manatsara ny filohan'ny repoblika Andry Rajoelina, milaza hoe tsy misy ohatra io filoha io fa manana vitesse mafy be io, sns… ? Ankoatra izay, ampiasaina ny kaonty Fako tao anatin'ny andro maromaro manaratsy ny filoha Marc Ravalomanana, ny depiote Me Hanitra Razafimanantsoa, Fidèle Razara Pierre, ka ny fiainana manokana no tanisaina amin'izany amin' ny alalan'ny fanalambaraka tsy misy porofo. Aiza tokoa ny cybercriminalité amin'iza-ny ? Raha ny fantatra aloha dia mazava ho azy, fa avy any amin'ny mpitondra no manao ireny fanaratsiana isan-karazany ireny, amin'izay angamba hoe tsy sahy maneho hevitra intsony ireto farany mahita ireny fanalambaraka sy fampitahorana ireny. Tsy mampihemotra anay ireny hoy ny solombavambahoaka Me Hanitra Razafimanantsoa tao amin'ny fandaharana Mi-ara-mpanonja, fa ho reraka eo ianareo. Vao mainka manaratsy endrika ny fitondràna aza ireny hoy izy. Misy ny fotoana hiarahana mitsangatsangana amin'ny toerana iray ny 6 FEBROARY 2021 ho avy izao, izay karakarain' ny MIARA-MANONJA. Misoratra anarana eny amin'ny MBS eny Anosipatrana izay handeha amin' izany araka ny fandaminana nataon'ny mpikarakara. Araka ny nam-baran' ny mpikarakara dia efa maro, efa mananika ny arivo ireo nisoratra anarana isan'andro. Nahita izany indray ny mpitondra dia mahana amin'ny zavatra nataony tamin'ny 2009 dia nilaza fa hanongam-panjkana sy mikendry rà mandriaka ny filoha Marc Ravalomanana sy ny depiote Fidèle sy Me Hanitra Razafimanantsoa,… Hita izany ao amin'ny gazetin' ny minisitry ny serasera Lalatiana Rakotondrazafy, sy gazetin'ny olona akaiky ny filohan'ny repoblika, Mamy Ravatomanga ary atao ao mihintsy ny sarin'izy 3 mianadahy mianaka . Fitsangatsangana ve no karakaraina dia lazaina fa fanonganam-panjakàna ? tena mahana tamin'ny ratsy nataony tamin'ny fanonganampanjakàna tamin'ny taona 2009 tokoa ny mpitondra ankehitriny ; ka izay mihetsika rehetra na hitsangatsangana aza dia lazaina fa hanongam-panjakàna ; aiza re izany e? Ny tody tsy misy fa ny natao no hiverina, tonga ho azy izany rehefa leo sy empaka ny vahoaka izay tompon'ny fahefana!

Helisoa

Tiako i Madagasikara Ankazobe

Voaporofo indray fa velona sy matanjaka

Nivoitra nandritry ny fifampiarahabana noho ny fahatrarana ny taona vaovao 2021 tao an-tampon-tanànan'Ankazobe, fa velona sy matanjaka ny antokoTiako i Madagasikara (TIM). Asaramanitra io ka nahatonga solontena avokoa ireo kaominina 15 manerana ny distrikan' Ankazobe ny alatsinainy lasa teo. Teo aloha ireo tatitra samihafa taorian'ireny fifidianana teto Madagasikara ireny, fa teo ihany koa ny dingana vaovao tsy maintsy atrehin'ny antoko manomboka amin'ity taona ity. Manaraka ny toe-draharaham-pirenena mandrakariva ihany koa ny antoko Tim Ankazobe , ary manaraka akaiky ny fandaharana ao amin'ny Radio Miara-manonja ihany koa mahakasika ny fiainam-bahoaka amin'ny ankapobeny. Samy iantraikan'ny fidangan'ny vidim-piainana, ny tsy fandriampahalemana, ny fitantanana tsy mahomby, ny fanaovana ampihimamba ny fananam-pirenena, ny fanenjehana ny mpanohitra, sns… ary samy resy lahatra fa mila fanovana ny firenena, indrindra fa ny fitantanana. Fa anisan'ny tena olana ihany koa ireny tsy fahaiza-mitantana sy ny tsy fampahafantarana ny mangarahara tamin'ny vola fanampiana avy any ivelany tamin'ny valanaretina coronavirus teto Madagasikara ny taona 2020 lasa teo ireny. Santionany ireo, fa ny tena andrasan'ny vahoaka dia ny fampandrosoana hanjakan'ny fahamarinana sy ny demokrasia eto amin'ny firenena. Hatreto mantsy dia ny zarazarao hanjakana sy ny fahefana tsy refesimandidy no mbola manjaka eto amin'ny firenena, hany ka mitsontsorika ambany dia ambany ny fahefa-mividin'ny vahoaka malagasy, nefa ny mpitondra dia migalabona sy mitavana ny harem-pirenena fotsiny izao. Nanamafy ihany koa ireto avy amin'ny antoko Tim Ankazobe ireto, fa tsy hijery fotsiny ny manjo ny firenena ary hijoro sy hilaza ny marina hatrany, ho fampandrosoana miaraka an'i Madagasikara, toy izay efa nambaran'ny filoha nasionalin'nyantoko Tim, Marc Ravalomanana. Tsy maintsy mandroso no tanjona hoy ny solombavambahoaka teo aloha, Ravelonanosy Mamitina voafidy tao amin'ny distrikan' Ankazobe iny , ary tsy mihemotra manoloana ny zava-misy eto amin'nyfirenena. Ezaka manaraka ny fambolen-kazo ho tanterahin'ny antoko Tim Ankazobe ato ho ato, raha ny nambaran'ny mpitarika hatrany, ary manaporofo fa velona sy matanjaka ny antoko Tim, na dia misy hatrany aza ny antsojay mianjady amin'ny antoko manerana an'i Madagasikara.

Rajo

TONONKALO

NY ZAVA-BAHOAKA

Ny zava-bahoaka , ny harem-pirenena,
Tsy toy ny fananareo samy irery,
Ka azonareo ampiasana hafetsena
Na kononkononina tsisy mpijery.

Tsy toy ny fitaovanareo ao an-trano.
Tsy toy ny eny an-koditrareo velively.
Tsy ilay fakitioran`ny jiro sy rano
`Zay azo amboamboarina fa "diso kely"!

Ny zava-bahoaka tsy izany , tsy izany,
Fa mila dia mila manao teny ierana.
Tsy hoe mahamenatra ny manontany,
Na koa maka hevitra ho fifanajana.

Tsy hoe "tapitr`ohatra" ianao eny ambony
Dia handidididy amin`ny tsy anao irery,
Fa mampisendaotra , mandona ny fony,
Ny zava-bahoaka nalaina amin-kery.

…Ny zavatra afenina , hipoitra ato ho ato.
(Aza atao varo-boba ny zava-bahoaka!)
Ry "miara-manonja" o ! tohizo tsy miato,
Ny vaky bantsilana sy ny ampamoaka .

DADAN`i ZINA (26-01-21)

RFF Amparibe Famonjena

Mankalaza ny faha-20 taona nijoroany

Mankalaza ny faha-20 taona nijoroany amin'ity taona ity ny antoko mpihira ara-pilazantsara RFF Amparibe Famonjena, ao amin'ny fiangonana FJKM Amparibe. Ny alahady 24 Janoary lasa teo no nosokafana tamin'ny fomba ofisialy ny taom-pankalazana izany faha-20 taona nijoroan'ny RFF izany, teo anivon'ny fiangonana FJKM Amparibe Famonjena. Hetsika maro samihafa no hanamarihana izany mandritra ity taona ity, hibahan-toerana ny fialamboly, ny hira ary ny fanatanjahantena.

Aly

Ny antoko mpihira RFF Amparibe Famonjena.

Mazotoa mihira

Ny tody tsy misy fa ny atao no miverina hoy ny fitenintsika Malagasy izay. Mitady hiverina amin'ny mpitondra amin'izao fotoana tokoa ankehitriny ny zavatra nataony: nanongam-panjakana izy ireo tamin'ny taona 2009 ary mety ho voaongana koa ankehitriny. Ny vahoaka no tompon'ny fahefana, ka rehefa tapa-kevitra ny vahoaka ny ho amin'izany dia tsy maintsy ho latsaka tokoa ny manga masaka. Hira mahakasika izay no atolotra anao androany: Valin'ny Natao, hirain'i Liva Andrianavalona, dia mazotoa mihira e!

Valin'ny Natao

Mpihira : Liva Andrianavalona / Mpamorona : Bessa

Raha toa hoe tianao aho
Ny ahy anefa kilalao
Tsy maintsy ataonao toa
Zay faniriako sy zay mba tiako ahafa-po
Zao, tsy mila talaho fa 'zay sitra-poko atao
Raha tsy vitainao tsara
Dia hilaozako eo ianao

Fiv : Tadidio tsy tody no misy
Fa ny atao no mitamberina eo
Ny anio hiantso anao indrisy
Tadidio ny valin'ny natao

Fa nobaboinao izy
Ka nanao 'zay sitrakao
Dia nekeny avokoa, nihanananam-po
N'inona hanjo fa tia tokoa
Ka tsy mba am-bozizy
Fa safidy tsotra izao
Ny tsy mba hananjara rehefa tsy ho anao

Sakafo Ny Valosoa

Henakisoa sy laisoa indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Hatao ketsa-ketsa izany. Dia mazotoa homana tompoko.

NY VALOSOA sy Mahasoa

Ny soa azo avy amin'ny voaloboka

Ny soa azo avy amin'ny voaloboka indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Manadio ny TAOVA ao anaty izy. Manala ny POIZINA sy ny LOTO ao anaty. Hikolokoloana ny fahasalaman'ny LALAN-DRÀ. Anisan'ny voankazo mitondra hery be indrindra izy, izay misoroka ny harerahana. Mampalefaka ny LALAN-DRÀ ny fisotroana Azy. Miaro ny karazana CANCER, na homamiadana toy ny mpahazo ny tsinay sy ny nono. Manatsara ny FITADIDIANA sy misoroka ny ALZHEIMER. Ny voaloboka MENA no tena feno ilay singa atao hoe QUERCÉTINE, izay miaro ny FO sy ny LALAN-DRÀ, sady manatsara ny FANDEVONAN-KANINA. Tsara ho an'ny olona ambany TOSI-DRÀ izy, ary mampihena ny TAUX de CHOLESTEROL ratsy ao amin'ny RÀ ihany koa.
Ny RAISIN SEC na voaloboka namainina : mampiakatra ny tahan'ny CALCUIM, MAGNESUIM, FER ary ny POTASUIM ao anatiny, izay ilaina amin'ny fiadiana amin'ny fiakaran'ny TOSI-DRÀ, ary miaro ny mpanao fanatanjahantena amin'ny fikaikon'ny HOZATRA.

NY VALOSOA sy Mahaliana

Ny tanànan'i Mangidrano, any amin'ny distrikan'i Bealanana, faritra Sofia

Ny tanànan'i Mangidrano, any amin'ny distrikan'i Bealanana, faritra Sofia indray no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Mangidrano ity tanàna ity, any amin'ny tapany avaratry ny faritra Sofia no misy azy. Avo toerana izy satria 1207 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Saika tantsaha mpamboly sy mpiompy ny mponina any. Vokatra any an-toerana ny vary.



NY TENY FIAINANA

"Ny vava iray ihany no ivoahan'ny fisaorana sy ny fanozonana. Ry rahalahiko, tsy mety raha misy izany."

Jakoba 3:10

facebook NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO

Mandeha ny fotoana, tsy tokony hiandry ho fatin'ny fahantrana ny maro

Kelly Geant : hiandry inona moa izany isika? Ierraaa! Nandritra ny tetezamita dia notateriny faran'izay zokiny ny bois de rose! io no tena hita sy nivandravandra ankoatra ireo harena ambanin'ny tany maro sy zava-tsarobidy! tsy nanana soritrasa mazava Rajoelina nentina hampandroso antsika, fa takonkenatra no nataony teto. Latsaka sy potika isika noho ny fandoroana sy fandravana nataony t@ fanonganampanjakana nataony. Nandova toekarena natanjaka anefa izy t@ fitondrana Ravalomanana ankoatra ireo volabe azony t@ fivarotana ny fananana toy ny Air Force one sy Soalala sy ny devise be tao @ Banky Foibe. Nivoaka zéro ny firenena taorian'izany, soa fa teo Rajao nanarina.
2018 indray dia efa mba niarina kely ny firenena. Namela fotodrafitr'asa sy économie teo ho eo ihany indray Rajao vao niala teo, nantenaina mba hanohy izany asa izany ndray Rajoelina satria koa hoe mba mila fiovana sy fandrosoana be be kokoa. Inona ndray no nataony hoy nareo? ankoatra ny bizina izay efa nahazatra azy dia ny nikepoka ireo devise fanomezana avy any ivelany t@ alalan'ny covid19, sy nanondrana ny harena rehetra misy hatrany ndray no nimasoany. Majifa eto ndray ny volamena izay scandale handavo azy tanteraka. Toy ny mahazatra dia takonkenatra hatrany ndray no lazainy fa fotodrafitrasa. Ny akamakama sy fizahozahoana sy tetidratsy saika handripaka ny malagasy moa dia mazava be. Nanafarany fitaovam-piadiana mihitsy moa hanidiana ny vavantsika mianakavy. Soa ihany aloha fa nisy nanentsina ny rà very. Tsy tia ratsy Andriamanitra!
Fanontaniana no hapetrako amintsika mianakavy, hiandry bizina iray vaovao ankoatra ny volamena mibanaka hataon'ny mpitondra sy ny forongony indray ve isika vao ho tonga saina? aza hitako mosaviny amin'ny aferana drogue eto ndray isika mianakavy ary poretiny @ basy aman-tafondro miaraka amin-dry alkaida sy ry mafia eto vao tena ho very eo. Mitsangàna ry malagasy , io na homena fihariankarena faran'izay ambony aza tantaniny , na ho totofana miliara de dollar eto aza , amin'ny maha tsy misy solaitra azy sy amin'ny tsy fitiavan-tanindrazana ao anatiny , indrindra moa Antananarivo dia halany , tsy hivoaka sary mandrakizay izany fitondrana Rajoelina izany. Raha manorina zavatra eto izy dia tadidio, fa efa injaton'ny totalin'ireo zavabita ireo no efa any Dubai. Donko tsy azo hapetraka ela eo intsony io bandy kely io fa tonga ny fotoana hanalana azy, fa fanetriben'ny tany. Veleso ny vy dieny mafana, sa te ho fatim-pahantrana eto daholo? ho fatin'ny hanohanana, ho fatin'ny areti-mandringana, anao ny safidy fa tsy tokony hasiako respect intsony raha izay Rajoelina, filoha "sans qualité".

Fetra Niaina Rakotoarivelo : nenla jerena ty boay kely tsy dia misy solaitra izy lasa mpànakarena be, fa elà mba manao ahoana? Aza vendrana ihany sodokan'ny kobaka am-bava Miami, building dia manafangaro ny réalité sy nofy2 sisa. Midina ihany ety ambony tany fa ho very ny ho avy ny taranaka…

PstElisah Fanjasoa : nga misy trafiquent arovan'eto de misy enjehina, rehefa samy trafiquent lety de mitovy. aza tokamaso tsy mahita ny ataon'ny rehetra mahiràta e!

Ericah Ericah : fanjanahana no anton'io raha tsy fantatrao, tongava saina!

Nestor Razafindrabe : mba manàna hambompo isika malagasy e! aoka izay ny fahajambana, aoka hitsinjo ny hoavintsika dia ny taranatsika isika mianakavy. masina ny tanindrazana!

Fanirintsoa Dominic Rabeantoandro : aoka isika hifampivavaka kosa e !
RAndre Ravalonay : aza atao ela .
Joel Beolanosina Andriankoliambalovola : efa vonona anay !

Fetra Niaina Rakotoarivelo : asa inona mo ? Sa dia efa mitampina inona maso ts mahita ty afera 73kg; ny fiainana lafo vidy, sa nareo miaina mibizna otranaz dia tsy kwà fa le madinika Aleo ho faty !! Tsia ts tombontsoa lisany vitsy an'isa zatra mangalatra no jerena fa ny tombontsoan'ny vahoaka rehetra mihamahantra sy miha-noana hatrany.

VALANARETINA CORONAVIRUS

Mitaintaina ny maro noho ny vaovao tsy mazava

Mitaintaina amin'izao ny maro noho ny tsy fisian'ny vaovao mazava momba ny ady amin'ny valanaretina coronavirus. Ny mpitondra tsy manao aro vava sy orona, nefa ny sarambabem-bahoaka enjehina raha tsy manao izany. Noho izany, hita sy tsapa fa mitaintaina amin'ny zava-drehetra ny vahoaka amin'izao vanim-potoana iainantsika izao, ankoatry nyfitadiavam-bola izay efa mananosarotra ny besinimaro volana maromaro izay, dia nampitsanga-mitoetra ny rehetra indray ny nandrenesana fa miakatra indray ny olona voan'ny aretina covid19 eto an-toerana, miampy ny fandrenesana fa miditra amin'ny fihibohana andiany fahatelo koa ny any Frantsa ohatra. Ny eto an-toerana dia nahagaga ny rehetra ihany ny fahitana, fa vao natsahatra ny vaovao miara-manonja isaky ny atoandro momba ny covid19, RNM- TVM, sy tsy miankina samihafa ary efa navadika sabotsy fotsiny ihany sisa, dia vao mainka manahirana, fa toa zara raha heno ny vaovao, sady ilay Ramatoa Profesora izay efa nomena mari-pankasitrahana dia efa nafindra toerana rahateo any amin'ny O.N.N. Tsy fantatra mazava izay tena solony. Misoko miadana ilay aretina raha ny fahitana azy, ny lalàna ifampifehezana koa naverina toy ny teo aloha indray, ny toeram-pitsaboana sy ny fanaovana fitiliana toy ny eny Andohatapenaka ohatra, dia manao ny asany indray, tsy handoavam-bola hono, nefa rehefa atao indray mijery dia lasan-ko vavany fotsiny ihany izany, fa dia mivoaka ny vola raha vao marary na ahitana tsimokaretina. Ankilany, lasa sazy be ihany koa, sazy tsy ampy fiheverana no miandry ireo izay tratra tsy manao aro vava sy orona, satria fanadiovana lakan-drano sy WC ary ny manodidina ireo toeram-pivoahana no miandry izay tsy manao azy io, ary asa fambolenkazo hono atsy ho atsy, izay mety ho azo leferina ihany raha ity farany, nefa mba aiza koa izay rano azo antoka, madio, tsy tapatapaka, mba azo hisasana rehefa avy manao ireo asa maloto manarapenitra ireo. Tena fitondrana manaotao foana no misy,…

Beharo

Fisamborana olona tsy nanao aro vava sy orona tetsy Andravoahangy.

Paroasy Don Bosco Ankofafa Fianarantsoa

Manofana amin'ny famokarana saribao ekôlôjika

Ho an'ireo mpitarika foibem-piangonana sy ireo ambaratongam-pitondrana rehetra amin'izy ireny, ary koa ireo sampana; ho an'ireo Ong sy fikambanana isan-karazany, ho an'ireo vondrom-bahoakam-paritra, sns... hoy ny tenin' Andriamanitra: "aza manimba ny tany na ny ranomasina na ny hazo ianareo, mandra-panisinay tombokase eo ankandrin'ireo mpanompon' Andriamanitsika" (Apokalipsy 7:3 baiboly Diem). Arak'izany, manana adidy sy raharaha tokoa isika rehetra, tsy ny mamboly hazo ihany, fa ny mitandrina azy ireny, sy manao ary mampanao ny tsy hanimbana azy "... aza manimba ny hazo".
Misy ny tolo-kevitra ho fialana tsikelikely amin'ny famokarana sy fampiasana saribao hazo sy kitay, izay anisan'ny fototry ny faharinganan'ny ala eto Madagasikara, ny faharavan'ny fifandraisana eo amin'ny zava-boahary sy ny olombelona, ka mahatezitra ny Tompo. Noho izany, misy ny fiofanana mivantana ho an' ny vondron'olona, na aiza na aiza eto Madagasikara ho amin'ny:
• fahaizana mamokatra saribao ekolojika na maintso;
• fahaizana mamokatra ireo antsoina hoe " tubercule energie";
• fahaizana manao ny "carbonification" an'ireo fako, apombo lahy, taina "rabot"...
Ny filan-kevitra dia amin' ny : 0341253781, 033 4347688.

Aly

Santatry ny fampiofanana ho an'ny vondron'olona amin'ity 2021 ity, natao tao amin'ny Paroasy Don Bosco, Ankofafa, Fianarantsoa.

FILOHAN'NY CAF

Kandidà 4 no hifaninana, voailika i Ahmad Ahmad

Kandidà miisa 4 amin' izao fotoana no fantatra fa mety hifaninana ho filohan'ny CAF, na ny Kaonfederasiona Afrikana amin'ny baolina kitra. Voailika ny solontenantsika Malagasy dia ny filoha teo aloha Ahmad Ahmad. Miisa 4 ireo kandidà izay nankatoavin'ny FIFA ny firotsahan-kofidiany ho Filohan'ny CAF:
- Patrice Motsepe (Afrika Atsimo).
- Jacques Anouma (Côte d'Ivoire).
- Ahmed Yahya (Mauritania).
- Augustin Senghor (Sénégal).
Ho fantatra tsy hoe ela ireo lisitra ofisialy, satria mbola misy ny fanadihadiana ataon'ny FIFA ho an'ireo kandidà tsirairay ho afaka hiatrika ny fifidianana ny 12 martsa ho avy izao any Maraoka.

Lita

Ireo kandidà mety hifaninana ho filohan'ny CAF.

Tranga

Mpitondra toaka gasy sy vato malakita voasambotra

Mbola voarara hatramin' izao ny fitondrana toaka gasy. Mpitondra izany toaka voarara izany no saron'ny mpitandro filaminana tany Antsirabe, faritra Vakinankaratra. Toaka gasy 280 litatra, sy vato malakita tsy misy taratasy, milanja 1 taonina no tratran'ny polisy tao Antsirabe, izay nentina fiara fourgon niala avy any Manandriana, faritra Amoron'i Mania, hihazo an'Antananarivo. Nafenina tao ambany saribao amin'ny gony ireo zavatra nentina antsokosoko ireo. Natolotra ny sampandraharaha tandrify azy ny fanadihadiana momba ireo vato. Nampidirina "fourrière" ny fiara, hodorana kosa ireo toaka gasy rehefa voaloan'ny tompony ny lamandy mifanaraka aminy.

Niaina

Ilay fiara nitondra toaka voarara sy vato tsy misy taratasy.

Baolina kitra

Efa nihazo an'i Mandritsara ny nofo mangatsiakan'i Gôly Be

Niala ny renivohi-paritra Sofia omaly maraina ny nofo mangatsiakan'i Gôly Be, na Rafalimanana Ferdinand, ilay mpiandry tsatoby nanana ny lazany tao amin'ny ekipam-pirenena Malagasy amin'ny baolina kitra, na Club M tamin'izany fotoana izany ary efa nihazo ny distrikan'i Mandritsara toerana handevenana azy. Fa talohan'izay, notsenaina tao Anjiabe ny razana talata tamin'ny 10 ora alina. Na dia tao anatin'ny alahelo aza izany dia niavaka ny fandraisana. Niaretan-tory nandritra ny alina tao amin'ny Maison des élus ny razana.

Samy naneho fiarahamiory tamin'ny fianakaviana navelan'i Tompokolahy avokoa ireo mpitondra tany an-toerana izay notarihin'ny Governoran' ny Faritra Sofia, ny Préfet d'Antsohihy, ny Ben'ny Tanàn'Antsohihy renivohitra Nasiry Ali, ireo talem-paritra ary ireo olompanjakana. Tonga nitsapa alahelo sady nampionona ireo manamanjo ihany koa ireo mpilalao baolina kitra fahiny" vétéran", ireo mpitia fanatanjahantena izay notarihin'ny Filohany isan-tsokajiny.

Nandritra ny alina dia nifandimby namangy ny rehetra, teo ihany koa ny fijoroana vavolombelona mahakasika ny zava-bitan'i Tompokolahy. Natolotra ho an'ny fianakaviana ny vola voahangona tany Antsohihy ho faodranomason'ny velona. Any amin'ny renivohitr' Androna, any Mandritsara no hasitrika ny razana.

Lita

Ny fialan'ny nofo mangatsikan'i Gôly Be tany Antsohihy omaly.

67 ha

Tratra ambodiomby ilay jiolahy saika hanendaka polisy

Izany tokoa no tonga amin'ilay fitenenana hoe: voalavo lahy sasatra ny miaina, ka saka matory no alam-bolombava. Izany no zavatra nitranga tetsy amin'ny 67 ha omaly maraina, jiolahy iray no tratra ambodiomby nanendaka mpitandro filaminana. Noraisim-potsiny tetsy amin'ny 67ha ity mpanao ratsy ity, polisy nanao fanamiana sivily no handeha ho endahiny, ka iny saika hanao ny asa ratsiny iny izy no voaambana basy tampoka, ka tsy afa-nihetsika intsony. Nentina nanaovana fanadihadiana avy hatrany teny amin'ny biraon'ny mpitandro filaminana teny aminy faritra iny.

Stefa

Ilay jiolahy sarona tetsy amin'ny 67 ha.

Anosizato Atsinanana

Trano lehibe vao amboarina nirodana, nisy ireo taraiky tao

Nisehoana loza mahatsiravina teny Anosizato Atsinanana ao amin'ny Boriboritany faha-4 eto Antananarivo renivohitra omaly maraina. Trano lehibe iray vao amboarina ana teratany karana no nirodana tamin'izany. Araka ny vaovao voaray, nisy ireo mpanao trano izay niasa nanao izany trano izany no taraiky tao. Araka ny vaovao farany voaray, 1 no namoy ny ainy nandritra izany, 7 naratra mafy. Nanao ny asany nanavotra ireo olona tototry ny vato sy ny beton tao ny mpamonjy voina. Tsy nanaiky fa tonga nijery ny havany ireo olona sasany manana fianakaviana niasa tao amin'ity trano vao amboarina ity. Araka ny fantatra, miorina ambony honahona ity trano ity, malemy ny tany, ka izay no heverina fa nampihotsaka azy.

Stefa

Ilay trano vao amboarina, nirodana tetsy Anosizato Atsinanana.

Mpiandry raharaha

PHARMACIES DE GARDE 23/01/2021 hatramin'ny 30/01/2021

- PROVIDENCE (Andohan'Analakely près ex cinéma Rex) 020 26 407 27 / 034 52 002 90 / 033 13 481 42

- RALISON (Antanimena) 020 22 226 14/034 44 429 51

- RASOLONJATOVO (Anosy en face HJRA) 020 24 570 38/034 64 838 61

- ANDOHATAPENAKA (67ha sud Route FDC près station Galana) 020 22 670 70/034 02 670 70/032 12 670 70

- SOARY (Iadiambola Ampasapito) 020 22 410 58/032 11 248 05

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidiny: 300 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 07600

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY
Imprimerie de la RN7

Fametrahana 1120-01-2021
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

FITATERAM-BAHOAKA

Tsy mahafehy ireo kaoperativa ny ATT

Efa fotoana ela no nitarainana sy niantsoantsoan'ny vahoaka mpandeha amin'ny fitateram-bahoaka, fa ampijalian'ireo mpitatitra izy. Olana lehibe iainam-bahoaka isan'andro izany kanefa toy ny manao antso an-tany efitra ihany izy ireo, ary tsy misy miasa saina hatrany amin'ny fitondrana an-tampony. Olana iray lehibe tsy voavahan'ny fitondrana ankehitriny io ary tsy ao anaty kajiny mihitsy raha ny fahenoana ny ambarany etsy sy eroa. Ny resaka politika rahateo no mampivoajamala azy amin' izao fotoana izao, ary dia adino ilay fijaliam-bahoaka izay.

Raha ny hita hatrany, ilay kaoperativa mihitsy no tsy mamaha ny olam-bahoaka mpandeha, fa miray tsikombakomba amin'ny mpitatitra ao aminy. Ny antony dia tsy misy mpanara-maso sy mpanasazy ny kaoperativa manao gaboraraka ny asany. Fantatra koa anefa, fa ireo tompona fiara mihitsy no tsy te-hahalala izay ataon' ny olona karamainy ho mpamily ny fiarany, sy indrindra reseverany, fa ny azy ny "versement" feno isan-kariva ihany no fantany. Izay ataon'ireo mampijaly vahoaka tsy olany izany. Fantatry ny maro ihany koa, fa saika maro amin'ireo tompona fiara manao fitateram-bahoaka eto Antananarivo sy ny manodidina dia olona manana ny toerany eo amin' ny fananam-pahefana, na sivily, na mpitandro filaminana. Mazava loatra fa manana lanja eo anivon' ny tomponandraikitra natao hisahana sy hiandraikitra ny amin'ny fanarahamaso ny fitateram-bahoaka izany, ary tsy voafehin' izy ireo, matoa aman-taonany no tsy misy vahaolana mihitsy ny fijalian'ny mpandeha. Izany hoe eo am-pelatananan'ireo olona ireo ny fifehezana ny fitateram-bahoaka, fa mba napetraka fotsiny ihany hihinam-bolam-ba-hoaka ireo tomponandraikitra maro samihafa eny anivon'ny minisitera misahana ny fitaterana, sy ny antokon-draharaha misahana ny fitaterana an-tanety, na ATT. Raha izay tokoa, miaina ao anaty kilalao maloton'ny vondron' olom-bitsy manan-katao sy manam-piara eo anivon'ny seha-pitaterana, izay toy ny tambazotra mihitsy ny vahoaka Malagasy, efa fotoana ela izay. Milalao tanana fotsiny no hany ataon'ny fitondrana ao anatin'izany, ary tsy misy azon'ny vahoaka ianteherana.

Radafy

Fikambanana Agora

Azo atao tsara ny hahatonga an'i Madagasikara ho maitso indray

Nihaona tamin'ny mpisehatra samihafa eo amin'ny senhatry ny tontolo iainana miisa efa ho 40 mahery ny fikambanana Agora, tao anatin'ny volana vitsivitsy. Izaany dia nafahana nanangona ny hevitra sy ny tolokevitr'izy ireo izany. Tsapa fa vonona ny hanolo-tena ho an'ny fahombiazan'ny fandrakofana ala ny firenena ireo mpisehatra ireo. Voamarina tamin'ny fakan-kevitra natao, fa manana mpisehatra isan-karazany i Madagasikara, hafahana manamaitso indray ny firenena. Miaiky sy resy lahatra ny fahaiza-manao, ny herijika ary ny finiavana misy eo amin'ireo mpisehatra ireo ny fikambanana Agora: ny fanjakana, fiarahamonim-pirenena, ONGs, fikambanan'ny mpikaroka, antokom-pivavahana, sehatra tsy miankina ary mpamatsy vola.

Mieritreritra izy ireo, fa ny tsy ampy amin'izao fotoana izao dia ny ezaka amin'ny fiaraha-miasa, sy ny fifanentanana mirindra. Tsy maintsy atao izay hanamorana izany fiaraha-miasa izany, sy ny fahiratan-tsaina iarahana eo amin'ireo mpisehatra, izay mielim-patrana matetika; ho fanampiana ny fampiroboroboana ny marimaritra iraisana malagasy izany, sy hanamorana ny fahombiazan'ny fandrakofa ala ny firenenana, ary ho fanohanana ny ezaky ny tompon'andraikitra tsirairay sy ny mpisehatra rehetra. Ireo ihany koa no anisan'ny tanjon'ny « Agora ». Ankoatra izany, mandroso ny fanomanana ny fanombohan'ny « Agora des Paysages et des Forêts », izay hatao anio 28 janoary.

Anisan'ny mpisehatra eo amin'ny resaka tontolo iainana.

Aly

BEHARO

Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 335



BL = Bory Loha
BR = Bory Rambo
MIV = Mivadika
MIK = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

Valiny Teny Tondro (0334)

Mitsivalana

- Vehivavy
- Averina
- Lova – Ota
- Ateriko (miv)
- Sata
- RM – Ora
- Ana – Atao

Mitsangana

- Valosoa
- Evoka
- Hevitra
- Marary (miv)
- Vy
- Tontona (miv)
- Vata – Ra
- Hao

TENY MIFANARAKA N° 335



Mitsivalana

1. Tera-tany avy any ivelany **2.** Vokatry ny tany – Neny **3.** Loka – Naoty (miv) **4.** Aro moka – Nivolana **5.** Simba, masiso (miv) – Iray tampo (BR) **6.** Tovovavy tena malagasy – Eny amin'ny habakabaka **7.** Karazan-damba (BL) – Fisotro (BL) **8.** Faran-teny – Tondra (miv) **9.** Ventson-kira maina (miv) – Ranom-bava **10.** Irina

Mitsangana

A. Voankazo **B.** Foko 18 **D.** Dera, Laza – Kanto (BL) Renintsoratra **E.** Afovoany – Vizana **F.** Nandalinanay **G.** Hita amin'ny trano samihafa **H.** Miahiahy **I.** Mampisafidy – Aro orana – Kianteny **J.** Tanàna iray any atsimo atsinanana **K.** Zava-maneno malagasy – Heloka (BL)

Valiny Teny mifanaraka 0334

Mitsivalana

1. Angidina 2. Nay - BMOI (miv) 3. Antsasany 4. Lovia (miv) - Ri 5. Roa (miv) - Kabaro (miv) 6. Mba - La 7. Ma (miv) - Bataina 8. Nalàna - Bor(y) 9. GR - Ranjo 10. Ia - Lot(o)

Mitsangana

A Analamanga B. Nan(a) - Rambo (miv) D. Gitara E. Sy - Bara F. Diavolana G. Soratana H. Niala I. Noa (miv) - Baiboly J. Mira - No K. AB - Taraiky (miv)

An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny sasany amin'ireo mpanentana ao amin'ny Radio Miara-manonja.

Ny fizarana badge eny amin'ny MBS amin'ny fitsangatsanganan'ny Miara-manonja ny 6 febroary izao.